# NY TOETRA TAKIN'NY ASA

## TANJONA

• Mamantatra ny atao hoe fikirizana sy herim-po avy amin'ny fanadihadiana asa soratra.

## LESONA HOTADIDIANA

Ny toetra takin'ny asa dia ireto avy:

- Fikirizana
- Fitiavana ny asa
- Fiezahana mampitombo ny fahalalana mahakasika ny asa
- Ny herim-po

Raha tiana handroso ny asa dia mila ananana ireo toetra ireo

### Lahatsoratra

Nanofa efitra iray lehibe tao Antananarivo aho. Noeferiko lamba io ho tonga trano fandriana sy trano fiasana. Zaitra an-tsena aloha no nataoko, ary dia izany no namidiko isan-joma teny Analakely. Tsy ela dia fantatr'olona aho, ary tsy nilaina intsony ny nandeha nivarotra teny an-tsena, fa ny olona nampanjaitra tany an-trano aza tsy arako. Niezaka hamita ny asako ara-dalàna aho, vokatry ny fitaizana azoko, ary nampitombo ny fitokisan'ny olona ahy izany.

**RANDRIAMIADANARIVO**

**In Voromby, tak.100**

### Sahanasa 1

Fanadihadiana lahatsoratra

1-Inona no asa resahina eto?

2-Mahavelona tsara ve io asa resahina io?

3-Inona no nampahomby ny asany?

4-Manao ahoana ny toe-tsaina nentiny niatrika ny asany?

### Sahanasa 2

1-Hazavao ao anaty fehezanteny efatra ny antony iasana.

2-Hazavao ao anaty fehezanteny efatra ny tombon-tsoa amin'ny asa atao.

3-Hazavao ao anaty fehezanteny efatra ny toetra tokony hananana hampandroso ny asa.

### Sahanasa 3

1-Manomeza ohatra asa roa fantatrao mitaky herin-tsaina

2-Manomeza ohatra asa roa mitaky herim-batana.

3-Hazavao ao anaty fehezanteny efatra fa mitondra soa ho an'ny firenena ireo asa mitaky herim-batana nosafidinao.

4-Hazavao ao anaty fehezanteny efatra fa mitondra soa ho an'ny firenena ireo asa mitaky herin-tsaina nofidinao.